# PLAN DE SESSION

Lohateny : MOC : Fifampizarana mikasika ny Sekoly sy Tobim-pahasalamana manaraka ny fepetra RFF

Faharetana : Adiny 4 ora

| Tanjona | Lohahevitra | Fahar etany | Fandehan'ny fifampizarana | Fitaovana |
|---|---|---|---|---|
| Mahatadidy ireo ventin'ny asa mba hampatanjaka azy eo amin'ny lafin'ny RFF ny Kaominina | KAOMININA Matanjaka eo amin'ny lafin'ny RFF | 45 min | 1. « Brainstorming » mikasika ny asa tokony hotanterahina araka ny PCDEAH-n'ilay kaominina<br>○ Raha tsy manana PCDEAH dia manao "brainstorming" mikasika ny hoe "manao ahoana izany Kaominina Matanjaka eo amin'ny lafiny EAH"<br>2. Avy eo iarahana mijery:<br>○ ny toerana tena be mpampiasa – sy mpivezivezy ary mpivory ao amin'ny Kaominina.<br>○ Tontolo madio sy ara-pahasalamana ve ireo toerana ireo? Inona no tokony atao mba hampadio sy ara-pahasalamana ireo, raha ny lafin'ny RFF no jerena? | Flipchart sy markers |
| Mahafantatra ireo fenitra RFF tokony hohajaina eny amin'ny sekoly sy tobim-pahasalamana ireo Kaominina | SEKOLY SY TOBIM-PAHASALAMANA manaraka ny fenitry ny RFF | 1h30 | 1 . Tsongaina manokana amin'ireo toerana be mpivezivezy sy mpampiasa ny SEKOLY sy TOBIM-PAHASALAMANA :<br>○ Zaraina tarika 2:<br>• Tarika voalohany manao kisarin'ny sekoly iray mampiseho Sekoly madio sy ny fenitra ilaina mba hahatonga io Sekoly io hadio, | Flipchart sy markers |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | | | ary hahatonga ny mpianatra sy ny mpampianatra hanaja ny fahadiovana rehefa ao an-tsekoly<br><br>• Tarika faharoa manao kisarin'ny Tobim-pahasalamana mampiseho Tobim-pahasalamana madio sy ny fenitra ilaina mba hahatonga azy hadio, ary hahatonga ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpisitraka hanaja ny fahadiovana rehefa mandala ao.<br><br>○ Mizara (manao "exposé") ny sary nataony<br>○ Zarain'ny mpanamora ny tahirin-kevitra ary vakian'ny mpandray anjara , mifandimby tsirairay, ny pejy mikasika ireo fepetra RFF (pejy faha-4 hatramin'ny pejy faha-8: Fepetra fototra RFF)<br>○ Hazavaina raha nisy sendra tsy mazava. | |
| **FAKAN- DRIVOTRA : 15 mn** | | | | |
| Mahay manetsika loharano (olona – vola – fitaovana sns..) ary mametraka drafitrasa hanohanana ireo sekoly sy tobim-pahasalamana hanaja ny fenitry ny RFF | KOMITY sy DRAFITRASA | 1h30 | 1. Ahorona indray ny tahirin-kevitra nozaraina<br>2. Anontaniana ny mpandray anajara : « Ankoatry ny fitaovana sy fotodrafitr'asa mety ho ilaina, iza avy no miasa mba hahatonga ireo sekoly sy tobim-pahasalamana hadio sy hanaraka ny fenitry ny RFF ? » - Raisina an-tsoratra ireo tompon'andraikitra voatanisa – Avy eo zaraina ho tarika 2 indray ny mpandray anjara, ary samy mamaritra ny andraikitr'ireo tompon'andraikitra notanisain'izy ireo – Manao "exposé" avy eo. | Flipchart sy markers |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | | | 3. Entina hanampiana sy hamintinana ny nolazaina, dia averina zaraina ny tahirin-kevitra, ary vakian'ny mpandray anjara ny pejy faha-2 sy faha-3: dingana arahina sy komity<br><br>4. Mifampizara hevitra sy manazava raha misy tsy azo.<br><br>5. Manao drafitrasa ny kaominina hanohanana ireo sekoly sy tobim-pahasalamana – manaraka ny fotoana (chronologique)<br>(Asa atao – Oviana (daty fanombohana sy famaranana)– Aiza – Loharano (olona – fitaovana -vola))<br><br>6. Marihina eny am-pamaranana fa:<br>o ny Ministeran'ny Fampianarana sy ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka dia manofana manokana ireo Sekoly sy Tobim-pahasalamana izay maniry ho SAKAIZAN'NY RFF. Ary ny FANOKANANA ny SEKOLY NA TOBIM-PAHASALAMANA SAKAIZAN'NY RFF dia miankina amin'ny alalana azo avy amin'ireo Ministera ireo. | |